

**Ny Praiminisitra Olivier Mahafaly sy solontan'ny fianakavian'ny Profesora Zafy Albert**

Tsy maintsy miteny sy mampita ny zava-misy marina eto amin'ny firenena. Izany koa anisan'ny asana mpanao gazety. Vaka ny ankamaroan'ny Malagasy n'inona n'inona izay filazan-dry matihanina isany. Filoha voafidy nitondra firenena teo aloha ve no nodimandry dia tsy nanana na iray segondra akory aza ity filoha am-perinasa? Fa dia ny Praiminisitra no navelany teo na dia tsy anjarany izy samy irery asa izany adidy goavana sy masina izany. Soa fa nandray andraikitra ity farany. Iza koa moa no afaka omeny andraikitra eo, satria izy no Praiminisitra ao amin'ny fahefana mpanatanteraka (**Premier** ministre exécutant de l'exécutif)?

Fa dia mpitondra ahoana loatra va re ity Hery Rajaonarimampianina ity e? F'angaha ny Malagasy lasa miady amam-paty indray amin'ity repoblika faha-efatra efa sadasada be ity? - **Je annot Ramambazafy**
-

Ttf: Niteny ihany ingahy filoha Hery, androany 13 Okotobra 2017 hariva, fa tsy nihoatra ny roa minitra ny teniny. Asa, vontom-pahoriana be loatra?

Hoy tokoa izy mantsy :



Ry Vahoaka malagasy,  Amin'alahelo tokoa no nandrenesana ny fodiamandrin'ny Profesora ZAFY Albert androany tany amin'ny Nosy La Réunion.
Very olomanga ny firenena satria Filoham-pirenena voafidim-bahoaka tamin'ny taona 1993 ny filoha Zafy Albert, ary niady sy nandala ny demokrasia sy ny fihavanam-pirenena.

Koa amin'ny anaran'ny vahoaka Malagasy, amin'ny anaran'ny fitondram-panjakana iray manontolo, sy amin'ny anaran'ny tenanay manokana, no itondranay ny fiaraha-miory amin'ny vadiny sy ny zanaka aman-jafiny ary ny fianakaviana, mangataka ny fitahian'Andriamanitra mba hampahery azy ireo hatrany.

***************

**Fampitam-baovao**

---

**FANAMBARANA AMIN'NY FOMBA OFISIALY NATAON'NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA, MAHAFALY SOLONANDRASANA OLIVIER MAHAKASIKA NY FAHALASAN'NY FILOHAM-PIRENENA TEO ALOHA, NY PROFESORA ZAFY ALBERT**

Tompokolahy sy Tompokovavy, amin'ny alahelo lehibe no anambaran'ny fianakaviana sy ny tompon'andraikitra rehetra isan-tsokajiny sy ny tompon'andraikitra mahefa eto amin'ny firenena fa nodimandry androany atoandro teo amin'ny faha 90 taona tany amin'ny Hopitaly Saint Pierre ao amin'ny nosy La Réunion ny Filoham-pirenena teo aloha, ny Profesora Zafy Albert. Lavo ny andrarezina, ary amin'ny alalan'ny Fitondram-panjakana, ny Filoham-pirenena Hery Rajaonarimampianina, ny Malagasy tsy an-kanavaka, ny Governemanta sy amin'ny alalan'ny tenako manokana no itondrana eto ny teny fampiononana sy fampaherezana ny fianakaviana izay nilaozan'ny Ray aman-drenintsika. Lavo tokoa ny andrarezina kanefa ny asa sy ny fitiavan-tanindrazana nananany dia hitoetra mandrakariva ao am-pon'ny malagasy tsirairay avy. Ny faniriana dia ny hananantsika ny fahatsiarovana ny Filoha teo aloha, ny Profesora Zafy Albert izay nampiseho hatrany ny fitiavan-tanindrazana tamin'ny fahavelony, ary tsy hanadinohantsika azy mandrakizay ao am-pontsika tsirairay avy.

Ny razana dia ho tonga eto an-tanindrazana ny tolakandron'ny sabotsy 14 oktobra 2017 ary manomboka rahampitso dia efa hisy ny fiaraha-miory miaraka eo anivon'ny firenena, ka ampidinina eo amin'ny antsasany avokoa ny sainam-pirenena. Manomboka rahampitso ihany koa dia raisin'ny Fitondram-panjakana an-tanana tanteraka ny fikarakarana rehetra mandrapahatongavany any amin'ny fasan-drazana. Hisy ihany koa ny fanomezam-boninahitra amin'ny fomba manokana amin'ny maha Filoham-pirenena teo aloha azy, izay atao eny am-pahatongavana. Ho salorana aminy ihany koa ny medaly naha Filoham-pirenena azy teo aloha.

Toa izao ny fandaharam-potoana:

- Vao tonga ny razana rahampitso ariva dia omena voninahitra ao amin'ny "grand salon d'honneur" eny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato.
- Entina mankany amin'ny villa La Franchise ny vata-mangatsiakan'ny Filoham-pirenena teo aloha, ny Profesora Zafy Albert. Amin'io fotoana io dia tsy misy famangiana ao an-tranony afa tsy ny olona tena akaiky ny fianakaviana sy izay ao anatin'izany ny solontenan'ny andrim-panjakana.
- Hapetraka ao amin'ny Lapan'ny fanatanjahantena ny razana manomboka ny alahady 15 oktobra 2017 ka hisy ny famangiana izay ataon'ny malagasy rehetra. Marihina etoana fa tsy mijanona maharitra ao amin'ny Lapan'ny fanatanjahan-tena ny mpamangy noho ny zava-misy eto amintsika.
- Hisy ny fotoam-pivavahana firaisam-pinoana izay tarihin'ny FFKM ny alatsinainy 16 oktobra 2017.
- Aorian'ny fotoam-pivavahana dia mitodidoha mankany amin'ny faritra avaratry ny nosy, any Betsiaka Ambilobe, ny vata mangatsiakan'ny Filoham-pirenena teo aloha, ny Profesora Zafy Albert.
- Ny fisaonana amin'ny alalan'ny fampidinana ny sainam-pirenena eo amin'ny antsasany dia atao hatramin'ny fotoana izay hanitrihana ny razana.
- Amin'ny andro andevenana azy dia hisy ny fisaonana nationaly. Noho izany dia mihatra avokoa ireo fombafomba rehetra anehoana ny fisaonana toa ny fanakatonana ny toerana fisotroana zava-pisotro misy alikaola, ny fanajanonana ireo lanonana maro samihafa, ny fandefasana mozika mafy.

Nanatrika ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety ny zanaka vavin'ny Profesora Zafy Albert sy ny solontena roa avy amin'ny fianakaviana.

Mamerina ny fampiononana ny fianakaviana ny tenanay ary Andriamanitry ny fiadanana no hanasitrana ny fery haterak'izao fisarahana izao. Tsy ho an'ny fianakaviana ihany no angatahana izany fanasitranan'ny fery izany fa ho an'ny vahoaka Malagasy tsy vaky volo izay mahatsapa fa very andrarezina, very Ray aman-dreny ary very olo-manga amin'ity firenena ity.

Sampana serasera